



MINISTERE DES FINANCES ET DU BUDGET

DECRET N° 2011- 864 PORTANT REPARTITION DES CREDITS AUTORISES PAR LA LOI N° 2011- 015 DU 28 DECEMBRE 2011 PORTANT LOI DE FINANCES POUR 2012



Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement

- Vu la Constitution ;
- Vu la Loi Organique n°2004-007 du 26 juillet 2004 sur les lois de finances ;
- Vu la Loi n°2004-009 du 26 juillet 2004 portant Code des Marchés Publics ;
- Vu La loi n° 2011- 015 du 28 décembre 2011 portant Loi de Finances pour 2012;
- Vu le Décret n°2005-210 du 26 avril 2005 portant approbation du Plan Comptable des Opérations Publiques-PCOP 2006, modifié par le Décret n°2007-863 du 04 octobre 2007 portant aménagement du Plan Comptable des Opérations Publiques 2006 ;
- Vu le Décret n °2011-653 du 28 octobre 2011 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
- Vu le Décret n°2011-687 du 21 novembre 2011 portant nomination des Membres du Gouvernement ;
- Vu le Décret n°2004-571 du 1er juin 2004 définissant les attributions et la responsabilité de l'Ordonnateur dans les phases d'exécution de la dépense publique ;
- Vu le Décret n°2005-003 du 04 janvier 2005 portant règlement général sur la comptabilité de l'exécution budgétaire des organismes publics ;

Sur proposition du Ministre des Finances et du Budget,
En Conseil du Gouvernement,

DECRETE :

Article Premier : - Les crédits autorisés aux titres des Intérêts de la dette des Pouvoirs Publics, des Moyens des Ministères du Budget Général 2012 par la Loi n° 2011-015 du 28 décembre 2011 portant Loi de Finances pour 2012 sont répartis par mission, programme, catégorie, classe, chapitre, article et paragraphe aux Ministères et Institutions conformément au développement donné en annexe de ladite loi.

Article 2 : - Les crédits de paiement autorisés par ladite Loi de Finances pour 2012 au titre des dépenses d'investissement (sur Emprunt extérieur et Ressources locales, subvention extérieure, fonds de contre-valeur) sont répartis par programme, classe, section, financement, chapitre, article et paragraphe aux Ministères et Institutions tels qu'ils figurent à l'annexe de la même loi.

Article 3 : - Lors de l'exécution d'un programme donné, les crédits d'investissement ne pourront pas faire l'objet de virements au profit des crédits de fonctionnement de ce programme.

Article 4 : - Les crédits relatifs aux budgets annexes, prévus par la loi susvisée sont répartis à l'ordonnateur du budget annexe concerné.

Article 5 : - Les crédits autorisés au Cadre III intitulé : « Opérations des Comptes Particuliers du Trésor » du Budget de l'Etat de la Loi de Finances pour 2012 sont répartis aux ordonnateurs.

Article 6 : - Les crédits inscrits au Cadre IV « Opérations génératrices de fonds de contre-valeur et assimilées » par la Loi de Finances pour 2012 sont ouverts au Ministère des Finances et du Budget.

Article 7 : - Le Ministre chargé des Finances et du Budget est chargé de l'exécution du présent décret qui sera publié au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 29 décembre 2011

**Par LE PREMIER MINISTRE,
CHEF DU GOUVERNEMENT**

Jean Omer Beriziky

Le MINISTRE DES FINANCES ET DU BUDGET

Hery RAJAONARIMAMPIANINA



MINISITERAN' NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA

----- DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-2011- 864 ITSINJARANA NY SORABOLA NEKENA AO AMIN'NY LALANA LAHARANA FAHA-2011-015 TAMIN'NY 28 DESAMBRA 2011 NATAO HO LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLA AMIN'NY TAONA 2012. ✿✿✿

Ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta

-Araka ny Lalàmpanorenana,

-Araka ny lalàna fehizoro laharana faha 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana;

-Araka ny lalàna laharana faha-2004-009 tamin'ny 26 jolay 2004 manoritra ny fehezan-dalàna momba tsenandraharam-panjakana;

-Araka ny Lalàna laharana faha 2011-015 tamin'ny 28 desambra 2011 natao ho Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny taona 2012;

-Araka ny didim-panjakana laharana faha-2005-210 tamin'ny 26 aprily 2005 ankatoavana ny drafitry ny Fitàtan-Kaonty ny Lahasa ataon'ny Fanjakana PCOP 2006, novàn'ny didim-panjakana laharana faha 2007-863 tamin'ny 04 oktobra 2007 anamboarana ny Drafitry ny Fitànana-Kaonty ny Lahasa ataon'ny Fanjakana 2006;

-Araka ny didim-panjakana laharana faha-2011-653 tamin'ny 28 oktobra 2011 manendry ny Praiminisitra, sady lehiben'ny Governemanta;

-Araka ny didim-panjakana laharana faha-2011-687 tamin'ny 21 novambra 2011 manendry ny mpikambana ao amin'ny Governemanta;

-Araka ny didim-panjakana laharana faha-2004-571 tamin'ny 01 jona 2004 mamaritra ny anjara raharaha sy ny andraikitra ny Mpanalàlana eo amin'ireo dingana fanatanterahana ny fandanium-bolam-panjakana;

-Araka ny didim-panjakana laharana faha-2005-003 tamin'ny 04 janoary 2005 manisy fitsipika ankapobeny momba ny fitanan-kaonty fanatanterahana ara-tetibola ireo antokon-draharam-panjakana

Araka ny tolokevitra nataon'ny Minisitra ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola

Eo am-pivorian'ny ny Governemanta,

DIA MAMOAKA IZAO DIDY IZAO :

Andininy voalohany : - Ny sorabola nekena ho amin'ny *Trosa ivelany, Fahefam-panjakana, Hoenti-manana ampiasain'ny Minisitera* amin'ny Tetibolam-panjakana ankapobe amin'ny taona 2012 araka ny Lalàna laharana faha 2011- 015 tamin'ny 28 desambra 2011 momba ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bola amin'ny taona 2012 dia tsinjara araka ny anjara raharaha, fandaharanasa, isan-tsokajy, zana-tsokajy, toko sy andininy ary sokafana ampiasain'ireo Minisitera sy Andrim-panjakana araka ny famoaboasana atovana amin'io lalàna io.

Andininy faha- 2 : - Ny sorabolam-panefana nekena araka io Lalàna mifehy ny fitantanam-bola amin'ny taona 2012 io izay voalaza ao amin'ny fandanium-bola hamokarana (Vola indramina avy any ivelany sy Loharanom-bola eto an-toerana, fanampiana avy any ivelany, tahiry setrin-tsandan'ny fanomezana) dia tsinjara isan-tsokajy, zana-tsokajy, loharanom-bola, toko, andininy, sy paragrafy ary sokafana ampiasain'ireo Minisitera sy Andrim-panjakana araka ny famelabelarana atovana sy voalaza amin'io lalàna io ihany.

Andininy faha- 3 : - Eo am-panantanterahana ny fandaharanasa efa voafaritra, ny sora-bola enti-mamokatra dia tsy azo hafindra ho sorabola fampandehanan-draharaha ao anatin'io fandaharanasa io.

Andininy faha- 4 : - Ny sorabola mikasika ny Tetibola Anankina voatondro ao amin'io lalàna mifehy ny Fitantanam-bola io dia tsinjaraina sy sokafana ampiasain'ny mpitantana sy ny mpanalàlana ny famoaham-bola amin'ny Tetibola anankina voakasik'izany.

Andininy faha- 5 : - Ny sorabola nekena ao amin'ny fizarana faha - III : «*Fampiasana ny Kaonty manokan'ny Tahirim-bolam-panjakana*» amin'ny Tetibola ankapobe araka ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bola amin'ny taona 2012 dia sokafana ampiasain'ny mpitantana sy ny mpanalàlana ny famoaham-bola mahefa izany.

Andininy faha- 6 : - Ny sorabola voarakitra ao amin'ny fizarana faha - IV «*Fampiasana ny tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany sy ny mitovy aminy*» sy ny fizarana faha- V «*Fampiasana zary renivola ny trosam-panjakana*» araka ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bola amin'ny taona 2012 dia sokafana ampiasain'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola.

Andininy faha- 7 : - Ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no miandraikitra ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao izay havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Antananarivo, faha 29 desambra 2011

**AVY AMIN'NY PRAIMINISITRA
SADY LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA**

Jean Omer Beriziky

**NY MINISITRY NY FITANTANAM-BOLA
SY NY TETIBOLA**

Hery RAJAONARIMAMPIANINA